# Ilay Voa Tsara Nafafy 08 Jolay 2019

# 8 Alatsinainy jolay

**Vokiso ny famindramponao nony maraina izahay, mba hihobianay sy hifalianay.** Salamo 90. 14

**Fa izay miandry an'i Jehovah dia mandroso hery kosa.** Isaia 40. 31

**Hosaintsainina**

Izay ho ampitsonao dia miankina amin'ireo safidy ataonao androany.

---

Aza manisy baraingo eo amin'izay efa nasian'Andriamanitra teboka farany.

---

Raha miara-miaina amin'ny Tompo isika, dia hiaina manoha riana eo amin'izao tontolo izao, amin'ny lafiny aratoe-panahy.

---

Raha manenika antsika ny fahatsiarovan-tena ho malemy, dia Andriamanitra no ho herintsika.

---

Izay miara-mandeha amin'Andriamanitra dia hahita ihany koa ny lalany ao anatin'ny haizina.

---

Tsy hoe rehefa tsy misy ady no manana ny tena fiadanana isika, fa rehefa miorina amin'Ilay Andriamanitry ny fiadanana ny finoantsika.

---

Ny maha izy ahy sy ianao dia noho ny fahasoavan'Andriamanitra. Mamonjy antsika ny fahasoavany, mitarika antsika ary manome fanantenana ho antsika.

---

Ny fo manolo-tena ho an'i Kristy dia manolo-tena ihany koa ho an'ireo izay tian'i Kristy.

---

Vonona ny hidera an'Andriamanitro ve aho, alohan'ny hiposahan'ny masoandro, toy ny ataon'ny voronkely ?